Solontena avy amin' ny Fivondronan' ny tompon-tsambo amin' ny Varotra :

- Rtoa Poly Ivette

Tendrena ho Filohan' ny Filankevi-pitondran' ny Sekolim-pirenena Fampianarana Tantsambo-*ENEM* :

- Atoa Ramananarivo Junnot. Talen' ny fanaovan-dalàna. ny fifanolanana amin' ny Fanjakana ary ny fifanarahana-*MTM*

Ity didim-pitondrana ity dia manan-kery raha vantany vao vita sonia ary hampahafantarina na aiza na aiza ilana izany.

## MINISITERAN' NY HAREN' NY ATIRANO SY NY JONO

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-2 418/2018**
**anaovana ny fombafomba sy fepetra fanomezana, fanavaozana na fisintonana ary ny adidy aman' andraikitry ny mpitana ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.**

Ny Minisitry ny Haren' ny Atirano sy ny Jono.

Araka ny Lalàmpanorenana.

Araka ny lalàna laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016 anaovana ny fehezan-dalàna momba ny jono sy ny fiompiana anaty rano.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-250 tamin' ny 10 aprily 2016 anendrena ny Praiminisitra. Lehiben' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-265 tamin' ny 15 aprily 2016. novàna sy nofenoin' ny didim-panjakana laharana faha-2016-460 tamin' ny 11 mey 2016. laharana faha-2017-148 tamin' ny 2 marsa 2017. laharana faha-2017-262 tamin' ny 20 aprily 2017. laharana faha-2017-590 tamin' ny 17 jolay 2017. laharana faha-2017-724 tamin' ny 25 aogositra 2017 ary laharana faha-2017-953 tamin' ny 12 oktobra 2017. anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 492 tamin' ny 6 desambra 2016 anaovana ny fandaminana indray amin' ny ankapobe ny asa aman-draharaha momba ny jono an-dranomasina.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 308 tamin' ny 25 oktobra 2016 anaovana ny fandaminana ny asa aman-draharaha momba ny jono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-298 tamin' ny 13 mey 2014 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitra ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany.

Araka ny tolokevitra avy amin' ny Talen' ny Jono.

Dia mamoaka izao didim-pitondrana izao :

Andininy voalohany. – Ho fampiharana ny andininy faha-18 amin' ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 308 tamin' ny 17 novambra 2016 anaovana ny fandaminana ny asa aman-draharaha momba ny jono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy. ity didim-pitondrana ity dia atao hamaritra ny fombafomba sy ny fepetra fanomezana. fanavaozana na fisintonana ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra amin' io fari-drano io.

And. 2. – Ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia omena izay rehetra vondron' ny mpanjono nitsangana ara-dalàna izay nanao ny fangatahana.

Ho fiarovana ny tahiry sy ho an' ny fitantanana tsara ny haren' ny atirano amin' ny ranomamy sy matsaboka. ny Minisitera miandraikitra ny Jono no hany tokana afaka manome na tsia ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy. Raha misy ny fandavana ny fangatahana. ny mpangataka dia ho ampahafantarina ny antony.

And. 3. – Ny antontan-taratasy fangatahana fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia tsy maintsy hamarinina sy ankatoavin' ny Foibem-pitondram-paritra miandraikitra ny Jono rehefa nalaina ny hevitry ny Ben' ny Tanana sy ny Lehiben' ny Distrika misy ny fari-drano.

Représentant des armateurs au Commerce :

- Mme Poly Ivette

Est nommé Président du Conseil d'Administration de l'Ecole Nationale d'Enseignement Maritime-ENEM :

- M Ramananarivo Junnot. Directeur de la législation. du contentieux et des accords-MTM

Le présent arrêté entre en vigueur dès sa signature et sera communiqué partout où besoin sera.

## MINISTERE DES RESSOURCES HALIEUTIQUES ET DE LA PECHE

**ARRETE N° 2 418/2018**
**portant modalités et conditions d'octroi, de renouvellement ou de retrait et les obligations des détenteurs d'autorisation de pêche commerciale dans les plans d'eaux continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat.**

Le Ministre des Ressources Halieutiques et de la Pêche.

Vu la Constitution.

Vu la loi n° 2015-053 du 3 février 2016 portant code de la pêche et de l'aquaculture.

Vu le décret n° 2016-250 du 10 avril 2016 portant nomination du Premier Ministre. Chef du Gouvernement.

Vu le décret n° 2016-265 du 15 avril 2016. modifié et complété par les décrets n° 2016-460 du 11 mai 2016. n° 2017-148 du 2 mars 2017. n° 2017-262 du 20 avril 2017. n° 2017-590 du 17 juillet 2017. n° 2017-724 du 25 août 2017 et n° 2017-953 du 12 octobre 2017. portant nomination des membres du Gouvernement.

Vu le décret n° 2016-1 492 du 6 décembre 2016 portant réorganisation générale des activités de pêche maritime.

Vu le décret n° 2016-1 308 du 25 octobre 2016 portant organisation des activités de pêche dans les plans d'eau continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat.

Vu le décret n° 2014-298 du 13 mai 2014 fixant les attributions du Ministre ainsi que l'organisation générale de son Ministère.

Sur proposition du Directeur de la Pêche.

Arrête :

Article premier. – En application de l'article 18 du décret n° 2016-1 308 du 17 novembre 2016 portant organisation des activités de pêche dans les plans d'eau continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat. le présent arrêté a pour objet de définir les modalités et les conditions d'octroi. de renouvellement ou de retrait des autorisations de pêche commerciale dans ces plans d'eau.

Art. 2. – L'autorisation de pêche commerciale est attribuée à tout groupement de pêcheur légalement constitué qui en fait la demande.

Pour la préservation du stock et pour la bonne gestion des ressources halieutiques d'eau douce et saumâtre. le Ministère en charge de la Pêche est le seul habilité à délivrer ou non une autorisation de pêche commerciale dans les plans d'eau continentaux et saumâtres du domaine public de l'Eau. En cas de refus de la demande. les demandeurs seront notifiés de la raison.

Art. 3. – Le dossier de demande d'autorisation de pêche commerciale doit être visé et approuvé par la Direction Régionale en charge de la Pêche après avis du Maire et du Chef District où le plan d'eau est localisé.

And. 4. – Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiarahina amin' ny singan-taratasy manaraka etoana :

- Taratasy ho fenoina momba ny fangatahana ao amin' ny tovana;
- Sata mifehy ny fikambanana na vondrona nitsangana ara-dalàna miaraka amin' ny tapakila tsy maharitra na vonjimaika;
- Kopian' ny *CIN* an' ny filohan' ny vondrona;
- Fanamarinam-ponenana an' ny filoha;
- Lisitry ny mpikambana nohamarinin' ny filoham-pokontany;
- Lisitra, isa sy ny toetoetry ny fitaovana (Fitaovam-panjonoana, lakana);
- Anarana sy velaran' ny na ireo fari-drano.

And. 5. – Ny fahazoan-dalana hanjono dia tsy azo ampanofaina, ampindramina na anaovana fifanarahana ara-bola na inona na inona karazany.

And. 6. – Raha misy ny fahaverezana na fahasimban' ny fahazoan-dalana, ny mpitana dia tsy maintsy manao fanambarana any amin' ny manam-pahefana mahefa ary tsy maintsy mampahafantatra ny Foibem-pitondram-paritra miandraikitra ny Jono voakasika. Ny fanoloana ny fahazoan-dalana dia maimaimpoana amin' ny alalan' ny fanambarana ny fahaverezana sy ny fangatahana ny tahadika.

And. 7. – Ny fananan-kerin' ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia efatra (4) taona azo havaozina araka ny fangatahana ataon' ny mpitana.

And. 8. – Ny fangatahana fanavaozana ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia tsy maintsy ampiarahina amin' ny singan-taratasy manaraka etoana :

- Taratasy ho fenoina momba ny fangatahana fanavaozana atolotra ao amin' ny tovana;
- Tapakila raikitra;
- Kopian' ny fahazoan-dalana teo aloha;
- Kopian' ny *CIN* an' ny filohan' ny vondrona;
- Fanamarinam-ponenana an' ny filohan' ny vondrona;
- Lisitry ny mpikambana nohamarinin' ny Filoham-pokontany, raha misy ny fanovana ny lisitra, ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy ampiarahina amin' ny fangatahana;
- Lisitra, isa sy toetoetry ny fitaovana (Fitaovam-panjonoana, lakana);
- Anarana sy velaran' ny na ireo fari-drano;
- Tatitra momba ny fampidirana zana-trondro isan-taona mandritra ny fananan-kerin' ny fahazoan-dalana.

And. 9. – Ny adidy aman' andraikitry ny fikambanana sy vondron' ny mpanjono mpitana ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia ireto manaraka ireto :

- Fampidirana zana-trondro amin' ny fari-drano trandrahina, farafahakeliny indray mandeha isan-taona, amin' ny isan' ny zana-trondro ampy, miara-miasa amin' ny mpisehatra hafa sy mpisitraka ny raharaha momba ny rohivoahary amin' ny fari-drano trandrahina;
- Fanaovana tsy ho maty paik' andro ny karine momba ny jono, araka ny modely ao amin' ny tovana, anaovana fandefasana isam-bolana eo anivon' ny Fari-piadidiana sy/na Foibem-pitondram-paritra miandraikitra ny Jono;
- Fandraisana anjaran' ny vondron' ny mpanjono amin' ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny drafi-panajariana ny jono;
- Fandraisana anjara amin' ny fanaraha-maso akaiky iombonana.

And. 10. – Raha toa ka hita fototra ny fitrandrahana mihoampampana ny haren' ny atirano, ny Minisitera miandraikitra ny Jono dia misintona ny fahazoan-dalana ara-barotra. Ny mpitana dia tsy manan-jo ahazo nonerana.

Art. 4. – Les demandes doivent être accompagnées des pièces suivantes :

- Formulaire de demande à l'annexe;
- Statut de l'association ou du groupement légalement constitué avec le récépissé temporaire ou provisoire;
- Copie CIN du président du groupement;
- Certificat de résidence du président;
- Liste des membres visée par le chef du Fokontany;
- Liste, nombre et caractéristiques des matériels (Engins de pêche, embarcations);
- Nom et superficie du ou des plans d'eau.

Art. 5. – L'autorisation de pêche ne peut être louée, prêtée ou faire objet de transaction pécuniaire de toute sorte que soit.

Art. 6. – En cas de perte ou de détérioration de l'autorisation, le détenteur doit faire une déclaration auprès des autorités compétentes et doit informer la Direction Régionale en charge de la Pêche concernée. Le remplacement de l'autorisation est gratuit moyennant d'une déclaration de perte et d'une demande de duplicata.

Art. 7. – La validité d'une autorisation de pêche commerciale est de quatre (4) ans renouvelable sur demande du détenteur.

Art. 8. – Les demandes de renouvellement d'autorisation de pêche commerciale doivent être accompagnées par les pièces suivantes :

- Formulaire de demande de renouvellement présentée en annexe;
- Récépissé définitif;
- Copie de l'ancienne autorisation;
- Copie CIN du président du groupement;
- Certificat de résidence du président du goupement;
- Liste des membres visée par le Chef du Fokontany, en cas de modification de la liste, le procès-verbal doit être joint à la demande;
- Liste, nombre et caractéristiques des matériels (Engins de pêche, embarcations);
- Nom et superficie du ou des plans d'eaux;
- Rapport de rempoissonnement annuel pendant la validité de l'autorisation.

Art. 9. – Les obligations des associations et groupement de pêcheur détenteur d'autorisation de pêche commerciale sont les suivantes :

- Rempoissonnement des plans d'eau exploités, au moins une fois par an, en nombre d'alevins suffisant, en collaboration avec les autres acteurs et bénéficiaires des services écosystémiques des plans d'eau exploités;
- Mise à jour et tenu de carnet de pêche, suivant le modèle en annexe, faisant l'objet d'un envoi mensuel au niveau des Circonscriptions et/ou Directions régionales en charge de la Pêche;
- Contribution du groupement de pêcheurs à l'élaboration et la mise en œuvre des plans d'aménagement des pêches;
- Participation à la surveillance communautaire.

Art. 10. – Dans le cas où la surexploitation de la ressource est constatée, le Ministère en charge de la Pêche retire l'autorisation de pêche commerciale. Le détenteur n'a droit à aucun dédommagement.

And. 11. – Ny fandikana ny iray amin' ireo adidy aman' andraikitry ny mpitana ny fahazoan-dalana hanjono ara-barotra dia miteraka ny fisintonana na ny fandavana ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hanjono.

And. 12. – Ny tovana I, II ary III amin' ity didim-pitondrana ity dia ho ampahany manontolo amin' ity didim-pitondrana ity.

And. 13. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha sy mifanohitra amin' ity didim-pitondrana ity.

And. 14. – Ity didim-pitondrana ity dia ho avoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblikan' i Madagasikara ary ampahafantarina n' aiza n' aiza ilana izany.

Antananarivo, ny 7 febroary 2018.
GILBERT François.

*
* *

Art. 11. – Le manquement à l'une des obligations des détenteurs d'autorisation de pêche commerciale doit entraîner le retrait ou le refus du renouvellement de l'autorisation de pêche.

Art. 12. – Les annexes I, II et III du présent arrêté font partie intégrante du présent arrêté.

Art. 13. – Toutes dispositions antérieures et contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées.

Art. 14. – Le présent arrêté sera publié au Journal officiel de la République de Madagascar et communiqué partout où sera besoin.

Antananarivo, le 7 février 2018.
GILBERT François.

*
* *

## ANNEXE I : FORMULAIRE DE DEMANDE D'AUTORISATION DE PECHE
## TOVANA I : MODELY FANGATAHANA FAHAZOAN-DALANA HANJONO

Androany, faha......./........./20.......

Fikambanana : ...............................
Anaran' ny Filoha : ...............................
Adiresin' ny Fikambanana : ...............
Distrika : ...............................
Kaominina : ...............................
Fokontany : ...............................

Ho an' Atoa Tale Jeneralin' ny Harena Anaty Rano sy ny Jono Antananarivo, Ampandrianomby, lalana Farafaty, 101
(Ampandalovina Ambaratongam-pahefana)

Antony : Fangatahana fahazoan-dalana hitrandraka ny harena an-dranomamy/matsaboka

Tompoko,

Voninahitra ho anay fikambanana izay voalaza anarana etsy ambony, manana «récépissé» laharana ................ tamin' ny ................. tao ................ ny mangataka fahazoan-dalana hitrandraka ny harena anaty rano amin' ny matsabory na farihy na renirano :

| Faritra | Distrika Kaominina | Fokontany | Anaran' ny farihy/matsabory/ Renirano | Velaran' ny farihy/Matsabory | Isan' ny lakana miasa ao | Vokatra ho alaina ao |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

Ny isan' ny mpikambana rehetra dia .................... ary fitambaran' ny lakana dia : ........................
Ny fitaovam-panjonoana ampiasaina dia ireto avy : Harato mandry (HM), Vovo (V), harato atsipy (HA), Lakana, sns.

| Karazany | HM | V | HA | L | |
|---|---|---|---|---|---|
| Isany | | | | | |
| Halavany | | | | | |
| Tsanganany | | | | | |
| Masony | | | | | |

Izahay dia manaiky marina ny hanaja an-tsakany sy an-davany ireo didy aman-dalàna manan-kery mifehy ny fanjonoana anaty ranomamy sy ny rano matsaboka, hanaja ny fotoana hidiran' ny rano ary handrotsaka zana-trondro isan-taona ao amin' ireo farihy na matsabory ireo.

Ny Filohan' ny fikambanana

Fanamarinan-kevitry ny Ben' ny Tanàna

Fanamarinan-kevitry ny Lehiben' ny Distrika

Ny Foibem-paritry ny Harena anaty Rano sy ny Jono

**ANNEXE II : FORMULAIRE DE DEMANDE RENOUVELLEMENT DE L'AUTORISAITON DE PECHE**
**TOVANA II : MODELY FANGATAHANA FANAVAOZANA FAHAZOAN-DALANA HANJONO**

Androany. faha......../........../20......

Fikambanana : ....................................
Anaran' ny Filoha : ............................
Adiresin' ny Fikambanana : ................
Distrika : ...............................................
Kaominina : .........................................
Fokontany : .........................................

Ho an' Atoa Tale Jeneralin' ny Harena Anaty Rano sy ny Jono Antananarivo. Ampandrianomby. lalana Farafaty. 101 (Ampandalovina Ambaratongam-pahefana)

Antony : Fangatahana fanavaozana fahazoan-dalana hitrandraka ny harena an-dranomamy/matsaboka

Tompoko.

Voninahitra ho anay fikambanana izay voalaza anarana etsy ambony. manana «récépissé» laharana ............ tamin' ny ...................... tao .....................ny mangataka ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hitrandraka ny harena anaty rano amin' ny matsabory na farihy na renirano :

| Faritra | Distrika sy Kaominina | Fokontany | Anaran' ny farihy/matsabory/ Renirano | Velaran' ny farihy/Matsabory | Isan' ny lakana miasa ao | Vokatra ho alaina ao |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

Ny isan' ny mpikambana rehetra dia ....................ary totalin' ny lakana dia :.......................
Ny fitaovam-panjonoana ampiasaina dia ireto avy : Harato mandry (HM). Vovo (V). harato atsipy (HA). Lakana. sns.

| Karazany | HM | V | HA | L | |
|---|---|---|---|---|---|
| Isany | | | | | |
| Halavany | | | | | |
| Tsanganany | | | | | |
| Masony | | | | | |

Izahay dia manaiky marina ny hanaja an-tsakany sy an-davany ireo didy aman-dalàna manan-kery mifehy ny fanjonoana anaty ranomamy sy/na rano matsaboka. hanaja ny fotoana hidiran' ny rano ary handrotsaka zana-trondro isan-taona ao amin' ireo farihy na matsabory ireo.

<u>Ny Filohan' ny Fikambanana</u>

<u>Fametrahana sy fikolokoloana faritra hanatodizan' ny trondro</u>

ENY - TSIA

<u>Fandrotsahana zana-trondro isan-taona</u>

ENY - TSIA / Taona 20.......Isany : ......../Farihy................
ENY - TSIA / Taona 20.......Isany : ......../Farihy................
ENY - TSIA / Taona 20.......Isany : ......../Farihy................
ENY - TSIA / Taona 20.......Isany : ......../Farihy................

<u>Ny Foibem-paritry ny Harena anaty Rano sy ny Jono</u>

**ANNEXE III : MODELE DE FICHE DE PECHE**
**TOVANA III : MODELY KARINE FANJONOANA**

| Daty | Faritra | Fikambanana | Matsabory - Farihy - Rano | Marika amin' ny lakana | Fitaovana nampiasaina | Karazany azo | Lanjan' ny vokatra azo |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |